FITAIZANA SKOTO

Miatrika zaikabe faha-9 ny Fanilon'i Madagasikara

Fanilon' i Madagasikara: Miatrika zaikabe faha-9 sy ny fivoriambeny nanomboka ny 30 aogositra lasa teo, ka tsy hifarana raha tsy ny 06 septambra izao ny Fanilon'i Madagasikara, fitaizana skoto zazavavy. Tanterahina ao amin' ny FTMTK Ambohipo ny zaikabe andiany faha9 sy ny fivoriamben' ny Fanilon' i Madagasikara,, fanatsarana ny fomba fanabeazana ny ankizivavy sy zatovovavy ao anatin' ny fikambanana no atao amin' izany. Miisa 550 ny mpikambana avy amin' ny lafivalon' ny Nosy amin' ny Diosezy 22 no miatrika izany. Ny lohahevitra entina manatontosa izao zaikabe izao dia: "Miaradalana miara-tody lavitra ho an' ny ankizivavy sy ny tontolony. Izany ary no andidio azy ireo, mba tsy hananany tsiny" (1Tim5:7).

Ny zaikaben'ny Fanilon'i Madagasikara atao eny Ambohipo.x

Nosokafana tamin' ny fomba ofisialy tamin'ny Sorona Masina izany teny Ambohipo, lamesa izay notarihin' ny Eveka mpanampy ny Diosezin' Antananarivo, Mgr Andriantsoavina Jean Pascal.

Aly

Herisetra ara-nofo amin'ny ankizy

Lehilahy nanimba ny zana-badiny vao 10 taona monja

Herisetra ara-nofo amin'ny ankizy, lehilahy iray nanimba sy nanolanaa ny zana-badiny vao 10 taona monja. Tsy vitan'ny fanolanana teo aloha sy aorian'ilay tovovavy kely no nataony, fa mbola nampanaoviny zavatra mamoafady hafa koa. Tsy vao voalohany ilay zazavavikely no nanaovany fihetsika mamoafaady toy izao saingy niharitra teny noho ny tahotry ny kapoka ataon'ity lehilahy ity azy. Tsy nanaiky izany intsony ity zazavavikely ity, ka nitantara tamin'ny reniny ny zavatra mahazo azy. Tonga nitory teny amin'ny Polisy ny renibeny sy ny renin'ilay zazavavikely, ka nosamborina ilay lehilahy.

Tao anatin'ny fanadihadiana dia niaiky ny heloka nataony ilay lehilahy ary rehefa mandeha miasa ilay vehivavy, no anamparany io filan-dratsy io ilay zaza. Ny Polisim-pirenena dia misintona ny saintsika Ray amandreny, mba ho mailo amin'ny fihetsika rehetra asehon'ny ankizy ao an-tokantrano sy eny anivon'ny fiaraha-monina, fa indrindra ny amin'ny resaka ara-pahasalamana. Izay mahafantatra na mahita tranga toy izao dia hiangaviana hanatona ny sampandraharahan'ny Polisim-pirenena, indrindra ireo sampandraharaha manokana mpiaro ny zaza, hoy ny fanambarana avy amin'ny mpitandro filaminana.

Stefa

Ilay raikely tsy vanona nanolana ny zana-badiny.

Ady amin'ny zava-mahadomelina

Rongony milanja 207 kg saron'ny zandary

Miseho lany ny varotra antsokosoko zava-mahadomelina amin'izao fotoana any amin'ny faritra Sofia iny. Rongony milanja 207 kg no saron' ny zandary tany Antsohihy. Omaly no nodorana ampahibemaso ny rongony milanja 207 kg. Ny 23 aogositra lasa teo no saron' ny zandary ireo rongony ireo tany amin' ny kaominina ambanivohitra Antsahabe. Tsy misy ny olona voasambotra fa ny entana no nogiazana. Loharanom-baovao avy amin' olon-tsotra no nahitana ireto rongony ireto, hoy ny fanambarana nataon' i "Commandant de Brigade", Randrianomby André Désiré.

Tonga niatrika izao fandorana rongony izao, ny manampahefana any an-toerana, izay notarihin' ny lefitry ny préfet, Francharad Patrick, ny solontena avy amin'ny fiadidiana ny tanàn'Antsohihy ary ny teo anivon'ny zandarimariampirenena, notarihin' ny CB Randrianomby André Désiré.

Entanina hatrany ny rehetra mba hanome vaovao marim-pototra hamongorana ny ratsy, hoy ireo mpitaandro filaminana.

Niaina

Rongony nodorana tany Antsohihy.

Tontolon'ny sary sy asa fanaovan-gazety

Nodimandry i Dany Be

Nodimandry teo amin'ny faha-86 taonany ny mpanao gazety zokiolona Rakotoseheno Félix Daniel, na i Dany Be, izay tsy zoviana amin'ny mpanao gazety eto Madagasikara rehetra tamin'ny fifaneraserany nivantana tamin'izy ireo, indrindra tamin'ny niandraiketana fifaneraserana tamin'ity tontolo ity tao amin'ny Cite Ambatonakanga, nanomboka tany amin'ny taona 1990 tany. Zokibe tsy nitsahatra nampita ny traikefany teo amin'ny fanaovan-gazety Malagasy i Dany Be, indrindra teo amin'ny sehatry ny fakana sary an-gazety izay tena nanavanana azy tokoa. Tapitra niainany sy natrehany avokoa ireo tranga navaivay ara-pôlitika teto amin'ny firenena, nanomboka tamin'ny Repoblika voalohany, ka tsaroan'ny maro teto Antananarivo ihany koa izy fony izy nitana "studio" fakana sary tao amin'ny Bulding Ramaroson nialohan'ny taona 90 tany ho any, indrindra fa ny fakana sary tapaka. Mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviana nilaozany, sy ho an'ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao.

Rainilita



Dany Be, na Rakotoseheno Daniel fahavelony.

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao, sy ny mpamaky azy ary ireo izay mety hiantefany izao manarak izao. Misy fomba fiteny izay: NY SANDRY BE TSY MITAHY MIADY. Andriamatoa Filoha hajaina, fo tsy misorona no entiko, ataovy toy ny voankazo amoron-dalana ka izay mamy atelemo, fa izay mangidy ario. Raha diso ny teniko, ario fa izaho aza ariana fa havanao, Gasy toa anao mihevitra ny mba tia an'ity tany sy firenena ity toa anao.

Amin'ny MAHA GASY ANTSIKA dia tsy fanao Tompoko ny manomboka fananganana na mitokan-javatra, indrindra fa zavatra amin'ny tany masina toa an'i Mahamasina io amin'ny FOTOANA RAVA VOLANA TAHAKA IZAO.

Na dia matanjaka sy kinga aza ireo Mpilalaontsika ireo dia mila miankina amin-javatra maro izany, ka anisan'izany ny fanajana ny hasin'ny fomba amampanao maha Gasy antsika.

Na izany aza, toko tapaka vilany mitongilana, izay tsy mety arenina.

Mankahery anao sy isika Gasy rehetra fa tsy lahatra ho antsika ny faharesena, fa antsika samy isika ny fiarenana.

Andriandrainarivo Josephin
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao